**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
Tanindrazana Fahafahana Fahamarinana

**ASSEMBLEE NATIONALE**

# LOI n° 95-011
***autorisant l'adhésion de la République de Madagascar au Programme International COSPAS/SARSAT au titre d'Etat Utilisateur.***

## EXPOSE DES MOTIFS

Notre zone de responsabilité internationale en matière de recherche et sauvetage s'étend sur plus de 1 000 000 km² dont les deux tiers sont océaniques.

Jusqu'à présent, les recherches se font à vue ou par méthode électronique classique peu fiable demandant beaucoup de temps.

Le système COSPAS/SARSAT, qui fait l'objet de la présente, utilise les satellites pour localiser les avions ou navires en détresse lesquels émettent des signaux sur 121,5 MHZ et 406 MHZ à l'aide d'une radiobalise. Parmi les avantages de ce système, on peut citer la rapidité et la précision de la localisation du lieu du sinistre et, par conséquent, la réduction du risque encouru par les sauveteurs, la réduction du coût des opérations de recherche et l'augmentation de la chance de survie des rescapés.

Par ailleurs, l'application du Système Mondial De Détresse Et De Sécurité En Mer (SMDSM) qui utilise ce système comme partie intégrante et la prévision d'une augmentation importante du trafic aérien et maritime dans notre zone qui également accroîtrait les risques d'accidents, ne peuvent nous épargner son emploi.

Des tests ont été menés conjointement par le Centre d'Etudes Spatiales (CNES) de Toulouse et notre Centre de Coordination de Sauvetage (CCS) et ont donné des résultats satisfaisants : les erreurs variaient de 10 m à 2 km.

Les principales obligations et charges inhérentes à l'adhésion au système sont les suivantes :

- le paiement d'une cotisation annuelle qui s'élève actuellement à 10.000 US $ ;
- l'installation d'un moyen de télécommunication pour la réception des messages d'alerte émis par les centres de mission COSPAS/SARSAT appelé SPOC (SAR POINT OF CONTACT). Ce SPOC pourrait être un télex, télefax ou le réseau RSFTA. Il est assuré provisoirement par l'ASECNA avant l'acquisition par le CCS de ces moyens.
- la désignation d'une Agence chargée de la liaison avec COSPAS/SARSAT. Ce sera évidemment le Centre de Coordination de Sauvetage (CCS).

Par conséquent, pour pouvoir bénéficier des avantages énumérés plus haut et nous conformer aux recommandations de l'OACI et de l'OMI relative à l'amélioration de la sécurité aérienne et maritime dans le monde.

Mon Département propose l'adhésion de la République de Madagascar à ce programme International au titre d'Etat Utilisateur, en signant la lettre de notification ci-jointe, laquelle spécifie les responsabilités respectives à l'Accord et des Etats participants.

Etant donné que l'adhésion de notre Etat à ce système entraînerait une contribution forfaitaire annuelle de 10.000 US $ (ce qui est déjà prévu dans notre budget), l'autorisation de l'Assemblée Nationale est nécessaire conformément à l'article 82. VIII de la Constitution.

Tel est l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
Tanindrazana Fahafahana Fahamarinana

**ASSEMBLEE NATIONALE**

# LOI n° 95-011
***autorisant l'adhésion de la République de Madagascar au Programme International COSPAS/SARSAT au titre d'Etat Utilisateur.***

L'Assemblée Nationale a adopté en sa séance du 07 juin 1995 la Loi dont la teneur suit :

**Article premier.-** Est autorisée l'adhésion de la République de Madagascar au Programme International COSPAS/SARSAT au titre d'Etat utilisateur suivant la lettre de Notification signée à Antananarivo en date du 09 novembre 1994.

**Art. 2**.- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 07 juin 1995.

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE SECRETAIRE,

ANDRIAMANJATO *Richard Mahitsison*

**ASSEMBLEE NATIONALE** **REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
ANTENIMIERAM-PIRENENA Tanindrazana
Fahafahana Fahamarinana

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

*LALANA LAHARANA FAHA-95-011*

manome alàlana ny Repoblikan'i Madagasikara ho mpikambana
amin'ny fandaharan'asa COSPAS/SARSAT,
ho isan'ny Tany Mpampiasa ny Fitaovana.

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Ny fari-piadidiana iraisam-pirenena anjaran'i Madagasikara amin'ny fitadiavana sy famonjena ireo fiaramanidina sy sambo dia mahatratra 1.000.000 Km tora-droa ka ny roa ampahatelony dia ranomasina avokoa .

Hatramin'izao ny fitadiavana dia amin'ny fomba kilasika na elektronika izay tsy dia marina loatra sady mandany fotoana.

Ny fomba COSPAS/SARSAT, izay fototr'ity famelabelarana ity, dia mampiasa ny zana-bolana mba hamaritana ny toeran'ny fiaramanidina sy sambo tra-pahavoazana izay mandefa famantarana eo amin'ny onja 121,5 MHZ sy 406 MHZ avy amin'ny alalan'ny « Radiobalise ». Anisan'ny tombontsoan'ity fomba ity dia azo lazaina ny hafainganana sy ny fahamarinan'ny famaritana ny toerana misy ny loza ; koa noho izany dia mihena ny loza mety hihatra amin'ny mpamonjy, mihena ny saran'ny famonjena ary misy kokoa ny vintana hahitana ireo tra-doza ho velona.

Ankoatra izany ny fampiharana ny fomba eran-tany ny « Système Mondial de

Détresse et de Sécurité en Mer, SMDSM» izay mampiasa azy ho fitaovana tsy afa-miala aminy ary ny vinavina fa hitombo ny ranton'ny fifamoivoizana an'habakabaka sy an-dranomasina aty amin'ny faritra misy antsika dia mety hitombo koa ny loza. Izany rehetra izany dia tsy mamela antsika ho afaka amin'ny tsy fampiasana azy.

Efa nisy fanandramana niarahan'ny « Centre d'Etudes Spatiales (CNES) »-n'ny Toulouse sy ny « CENTRE DE COORDINATION DE SAUVETAGE (CCS) »-n'Antananarivo nanao ka nahafapo ny vokatra. Ny hadisoana dia teo anelanelan'ny 10 metatra sy 2 kilaometatra.

Ny andraikitra lehibe tsy azo ialana amin'io lamin'asa io dia toy izao avy :

- ny fandoavana ny latsakemboka isan-taona izzay mahatratra 10.000 US $ amin'izao fotoana izao ;

- ny fametrahana fifandraisan-davitra mba handraisana ny hafatra fanairana izay alefan'ny foiben'asa COSPAS/SARSAT izay lazaina hoe SPOC (SAR Point Of Contact). Io SPOC io dia mety ho Téléx - Téléfax na rantsam-pifandraisana RSFTA. Ny ASECNA no miandraikitra vonjimaika io asa io mandra-pahazoan'ny CCS ireo fitaovana ireo.

- Ny fanendrena masoivoho mikarakara ny fifandraisana amin'ny COSPAS/SARSAT eto an-toerana. Io dia ho ny « Centre de Coordination de Sauvetage (CCS) », mazava loatra.

Noho izany, mba hahazoana ireo tombontsoa voatanisa eo ambony sy hahafahana manaja ny fampirisihin'ny OACI sy ny OMI mikasika ny fiarovana amin'ny lozam-piaramanidina sy an-tsambo eran'izao tontolo izao :

Dia manolo-kevitra ny Minisitera iadidiako fa ny Repoblikan'i Madagasikara dia hiditra ao amin'ny lamin'asa iraisam-pirenena COSPAS/SARSAT ka izany dia ho isan'ireo Tany Mpampiasa ny Fitaovana amin'ny fanaovan-tsonia ny taratasy izay mametra ny anjara andraikitra mifanaraka amin'ny fifanarahan'ny Tany Mpandray anjara.

Satria ny fidiran'ny tanintsika ao amin'io lamin'asa io dia mitarika fandraisan'anjara noferana isan-taona mahatratra 10.000 US $ (izay efa voasoratra ao anatin'ny teti-bola iadidiako), dia ilaina ny fanomezan-dàlan' ny Antenimieram-pirenena araka ny andininy 82-VIII-n'ny Lalàmpanorenana.

**ASSEMBLEE NATIONALE** **REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

ANTENIMIERAM-PIRENENA

Tanindrazana Fahafahana Fahamarinana

-----------------------------------------------

*LALANA LAHARANA FAHA-95-011*

manome alàlana ny Repoblikan'i Madagasikara ho mpikambana
amin'ny fandaharan'asa COSPAS/SARSAT,
ho isan'ny Tany Mpampiasa ny Fitaovana.

Nolanin'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana nataony ny 7 Jona 1995 izao lalàna manaraka izao :

**Andininy voalohany**.- Ekena ny firotsahan'ny Repoblikan'i Madagasikara ho ao amin'ny Fandaharan'asa Iraisam-pirenena COSPAS/SARSAT ho isan'ny Tany Mpampiasa ny fitaovana araka ny Taratasy Fampahafantarana Maha-pikambana voasonia tao Antananarivo tamin'ny 09 Novambra 1994.

**And. 2** - Avoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Antananarivo, ny 07 jona 1995

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA,

NY SEKRETERA

ANDRIAMANJATO Richard Mahitsison